

TORITENY - ALAHADY faha-6 PAKA - TAONA D



Ny Fanahy Masina, Izay hirahin'ny Ray amin'ny Anarako, no hampianatra anareo ny zavatra rehetra,

Ry kristianina havana, amin'izao Alahady faha-enina ny Paka izao dia mifanojo amin'ny voalohany volana Mey, andro hibanjinana mikasika ny asa sy ny mpiasa. Raha ny tantara dia izao voalohany volana Mey izao no natokan'ny fiangonana ho an'ireo mpiasa sy ireo mpiandraikitra an'izany ary ankalazana manokana an'i Masindahy Josefa mpiaro ny

mpiasa. Izy izay namelona ny fianakaviana masina tao Nazareta dia izay koa no mahatonga atsika fa indrindra amin'izao taona masina izao hivavaka ho an'ny lohan'ny fianakaviana rehetra, ho an'ny lehilahy rehetra amin'izany fetin'ny Md Josefa mpiasa izany. Hivavahantsika mba hanana ny asa sahaza azy avy ny tsirairary ary hivelona ao anatin'izay asa izay.

Vakiteny I : Asa 15, 1-2. 22-29

Salamo : Sal. 66

Vakiteny II : Apôk. 21, 10-14. 22-23

Evanjely : Jo. 14, 23-29

Io no mahatonga atsika milaza fa ny finoana tsy maintsy mifanandrify amin'ny fiainana, fampitrahofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro ka ny asa no mampibaribary an'izany. Ny tenin'Andriamanitra amin'izao Alahady izao dia mifandraika amin'izany tokoa ary marihina fa isan'Alahady amin'izao fankalazana ny Paka izao dia misy endrik'i Jesoa manokana asehon'Eglizy amin'ny alalan'ireo vakiteny ka ity Alahady ity izay efa mampitsinjo ny Pantekoty dia milaza ny amin'ny fitoriana ny vaovao mahafaly andavanandro. Araka ny voalaza teo ny amin'ny fampitrahofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro.

Ireo vakiteny fa indrindra ny Evanjely (*Jo. 14, 23-29*) androany milaza fa eo anivontsika tokoa i Jesoa. Raha eo anivontsika izy dia mitondra fiadanana. Matoa tsy misy ny fiadanana na ny fandriam-pahalemana ny fiainantsika dia satria tsy eo anivontsika izy. Manantintrantitra atsika mandrakariva aho ry Kristianina havana fa indrindra izao efa manakaiky ny fitokanantsika ny fitsofandrano ny "chappelle" ny famindrampo izao : Mila Fo ity tanànantsika ity, mila Fo ity firenentsika ity mba ho Fon'Andriamanitra ny Fo mitepo eto amin'ny tananàntsika sy firenentsika ity ka amin'izay ho lavitra antsika ny herisetra ny hetraketra fa ny fahamarinana, ny fihavanana, ny fifankatiavana no hanjaka. Izay sahadry no santarin'ny Evanjely amintsika raha i Jesoa milaza "Omeko anareo ny fiadanana", raha ny fianakaviana tsirairay avy, ny Eglizy kely no misy an'i Jesoa dia hiadana ny fianakaviansika satria Fon'i Jesoa no mitepo izany hoe Fo feno fitiavana, Fo feno fahamarinana ka izay no fiadanana. Araka ny voalaza hoe ny fianakaviana mifankatia no fiadanana eto an-tany.

Izay no iriko amintsika ary ambaran'i Jesoa ny lalana fa ny fandraisantsika ny Fanahy masina ary efa miandrindra an'izay fidinan'ny Fanahy masina izay isika. Io no endrik'i Jesoa eto anivontsika raha mandray ny Fanahy masina isika, ilay Fanahy mpanazava, ilay Fanahy mpanafaka alahelo, ilay Fanahy manamasina izay mitondra atsika eo anivon'Andriamanitra. Masina isika raha eo anivontsika Andriamanitra. Izay tokoa no tanteraka ao amin'ny vakiteny faharoa (*Apôk. 21, 10-14. 22-23*) araky ambaran'i Md Joany, miandrindra ny tanàna masina isika, midina eo amintsika izay tanàna masina izay izany hoe tanànan'ny fiadanana, dia i Jerosalema vaovao, hifankatia ny olona rehetra, tsy misy intsony ny herisetra fa Andriamanitra no hitantana ny fiainantsika. **"Tsy mila masoandro na ny kintana ny tanàna fa ny voninahitr'Andriamanitra no hamirapiratra eo aminy"**. Izany hoe ny fon'Andriamanitra no mitepo anivon'izay tanàna na ny firenena izay. Na dia misy olana aza eo anivon'ny fiainana andavanandro dia afaka hifanakalo hevitra, hifampidinika. Izay no tantarain'ny Asan'ny Apostoly (*Asa 15, 1-2. 22-29*) amin'ny vakiteny voalohany, azo lazaina fa io ny konsily voalohany ary izay no mampiavaka ny Eglizy katolika efa ho roa arivo taona . Tsy hoe tsy misy olana eo anivon'ny Eglizy , tsy hoe mandeha ho azy ny fiainana raha olo araikin'Andriamanitra fa ny mampiavaka azy dia afaka mifampidinika. Hita izany hatramin'ny voalohany araka ny voalaza amin'ny vakiteny voalohany io : niombona ireo Apostoly dia nandinika lohahevitra anankiray saika nampisaraka ny Eglizy fa noho ny asan'ny Fanahy masina ary indrindra fa nanaiky ho fitaovan'ny Fanahy masina ka nanaiky izy ireo ary nahasahy nilaza rehefa taorinan'io dinika io : **" Sitrakay sy ny Fanahy Masina ny tsy hampitondra zavatra mavesatra ho anareo hafa tsy ireo zavatra tsy maintsy tandremana"**.

Izay tokoa ry Kristianina havana, izay ny adidin'ny Eglizy amin'ny maha Reny sy mpampianatra azy. Reny izy satria mikolokolo fa indrindra amin'izao taona masina izao. Henontsika, hitantsika mandrakariva ny ataon'ny Eglizy amin'ny alalan'ny Papa izay mpampianatra sy mikolokolo atsika. Taona masina famindrampo izao, na izany na tsy izany, amin'ny maha mpampianatra azy dia tsy maintsy milaza ny marina izy izany hoe na dia manafosafo izy dia manambara amintsika ny marina araka ny voalazany hoe : **ny famindrampon'Andriamanitra dia tànan'Andriamanitra manafosafo atsika** ary manoro antsika ny làlan-kombana ka ny fanambarana an'izay làlan-kombana izay no tsy maintsy hanambaran'i Papa ny marina.

Izay ny fomban'ny Eglizy hatramin'ny voalohany araka ny efa voalaza teo hoe : Sitrakay sy ny Fanahy Masina ny tsy hampitondra zavatra mavesatra ho anareo hafa tsy ireo zavatra tsy maintsy tandremana" dia ny hifadianareo ny hena natolotra tamin'ny sampy, sy ny ra, ary ny biby nokendaina..." Ny tian'ny Apostoly lazaina amintsika dia isika hiala amin'ny fanompoana sampy fa hanompo an'Andriamanitra satria izay ny mahatonga ny fiainantsika tsizarizary ankehitriny, hitady hiverina amin'ny fanompoan-tsampy isika na dia eo anivon'ny Eglizy aza misy mitady hanatanteraka an'izany, mampirafy ny finoana sy fanompoana sampy ka mila fibebahana isika. Ary izay mbola tohizan'ny Apostoly hoe : "... mbamin'ny fijangajangana; soa ho anareo ny mifady an'izany."

Zay koa no mbola averimberin'i Papa amintsika matetika fa irahiny isika hifanasoa hikarakara an'ireo madinika. Ny angatahinay aminareo hoy ny diniky ny konsily voalohany dia ianareo tsy hanadino ny mahantra. Samy mahantra ara-tsaina, ara-panahy, ara-bàtana isika ka mila fifanampiana, fifanasoavana ary izay ny dikan'ny Paka ho atsika, ny paka fandalovana ny fiainana ratsy teo aloha ka miditra amin'ny fiainam-baovao, ka ny fanahy masina no hanampy atsika amin'izany.

Ry Jesoa Kristy Tomponay ô nampanantena anay ny Fanahy masina tokoa ianao araka ny fampianarao ao amin'ny Evanjely, izy hoy ianao no hiasa ao aminay nirahin'ny Ray ho anay, izy no hampianatra ny zavatra rehetra sy hampatsiaro anay ny fampianaranao rehetra, izy no fiadanana eo anivonay. Koa enga anie io Fanahy masina io hiasa mandrakariva ao aminay ka na dia eo aza ny zavatra mampatahotra sy mampitebiteby anay, ny Fonao mitepo ao aminay, eo anivon'ny fianakaviana Eglizy kely, ny Fonao no mitepo eo anivon'ny tanàna maminay sy ny diosezy malalan'ny fonay ity ka matoky izahay fa ho havaozinao ny fonay ka amin'izay hiadam-pinaritra tokoa izahay eo anivon'ny fiainana andavanandro ka hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Amen